## NY TENY FIAINANA

*"Fa izany no nahafatesan'i Kristy sy nahavelomany indray, mba ho Tompon'ny maty sy ny velona Izy."*

***Romana 14:9***

### Coupe de Madagascar de volleyball U23, 2023

# Azon'ny ekipan'ny GNVB avokoa ny amboara

Nanao pao-droa ny ekipan'ny GNVB Analamanga teo amin'ny fifaninanana volleyball, niadiana ny « Coupe de Madagascar 2023 », izay notontosaina tany amin'ny kianja « Complexe Sportif Ampisikina Mahajanga », tamin'ny alahady 5 novambra 2023 teo, fa samy azony avokoa ny amboara lahy sy vavy tamin'ity fifanianana ity. Vokatra farany : « Final fille » : GNVB 3 (25,25,25) - BI AS 0 (14,9,21) « Final garçon » : GNVB 3 (25, 25,21,25) - CVBF 1 (21, 20,25,23) « 3e place fille » : ASI 2 - MVBC Boeny 3 « 3e place garçon » : ASI 3 - CSVBC 1.

**Rainilita**




*GNVB U23 lahy sy vavy tany Mahajanga.*

### Championnat Football Tanà-ville 2022-2023

# Tontosa tamin'ny alahady teo

Tontosa tamin'ny alahady 5 novambra 2023 teo, teny amin'ny kianja « Elgeco Plus Stadium By Pass », ireo lalao famaran'ny fifaninanana « Championnat de Football Tanà-ville 2022 – 2023 », nokarakarain'ny seksionan'ny baolina kitra Antananarivo Renivohitra, tantanan-dRaharimandimby Jean Serge (Babaina) teo amin'ny sokajy 6 ka hatramin'ny 20 taona. Vokatra rehetra azo 6-7-8 ans : Fc Byern 0 – 5 Ezama, 9-10 ans : Five 0(4) - (3) 0 Eft, 11-12 ans : Fc Jim Miray 0(4) – (3)0 Fft, 13-14 ans : Spartiates 0 – 1 Five Ac, 15-16 ans : Mada Foot 1(5) – (2)1 Fffi Foot, 17-18 ans : Jsem 1 – 0 As Fivoarana , 19-20 ans : Us Pro 3 – 1 Dodol.

**Rainilita**



*Ny filohan'ny seksion'ny baolina kitra Tanà ville.*

### Championnat Inter Section Football 2023 Atsinanana

# Hahemotra amin'ny 3 desambra ny famaranana



*Mpifanandrina tany Mahanoro.*

Voatery hahemotra amin'ny alahady 3 desambra 2023 ho avy izao, ny lalao famaranana ny fifaninanana baolina kitra : « Championnat Inter Section Football 2023 Atsinanana », tokony ho notanterahina tamin'ny alahady 5 novambra lasa teo tany Mahanoro, noho ny antony miankina amin-dry zareo mpikarakara. Any Mahanoro ihany raha ny fantatra, no hanatanterahana an'ity famaranana ity, izay hifanandrinan'ny Tiaspam Mahanoro sy ny Fc Vatomandry, fa ny lalao fiadian-toerana faha-3 kosa hifanandrinan'ny As c Brickaville sy ny Ajeset Toamasina I, no hotanterahina any Brickaville. Marihana fa nanomboka tamin'ny alahady 29 oktobra 2023, ka tokony nifarana tamin'ny 5 novambra teo ity fifaninanana ity, ka nandraisan'ny ekipan'i Toamasina I, Toamasina faha-II, Brickaville, Vatomandry ary Mahanoro mpampiantrano anjara, izay samy tompondaka tamin'ny 2022 avy. Nozaraina vondrona roa ireo mpifaninana niisa 6 nandray anjara tamin'izany, ka tao amin'ny Vondrona A no nisy ny ekipan'ny As c Brickaville, Mangarano Fc Toamasina I ary Fc Vatomandry. Tao amin'ny vondrona B kosa no nahitana ny ekipan'ny Ajeset Toamasina I, Fc Zamia Toamasina II ary ny Tiaspam Mahanoro.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Henabaolina henomby sy haricot vert indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hatao ritra izany, na hatao ketsaketsa koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Mampijanona ny fadimbolana tsy mety mijanona ny romba

Mampijanona ny fadimbolana tsy mety mijanona ny romba, io indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Matetika rehefa reraka be ireny na stressé dia mandeha ny fadimbolana, na mandeha tsy mety mijanona ireny fotsiny. Hanalana an'izany sy mba hampijanona an'ilay rà haingana dia maka ravina romba eraky ny tanana (maromaro), sasana madio tsara, avy eo totoina dia fihazana tsara mba hamoaka ranony. Vita izay dia tapohana rano mafana, atao mitovy fatra amin' ilay ranon'ny romba azo avy nototoina iny. Afangaro amin'ny tantely eraky ny sotro fihinana. Sotroina isaky ny alohan'ny hatory amin'ny alina. Atao ao anatin'ny 3 ka hatramin'ny 5 andro.



Amin'ny fotoana anaovana azy dia mety handeha be ny rà sady hivaingambaingana fa tsy maninona. Mety ho an'ny olona mitady zaza ihany koa ity fomba natoraly ity, satria manafana ny tranon-jaza.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Andranobolaha distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana

Ny tanànan'Andranobolaha distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Andranobolaha ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 15 mandrafitra ny distrikan'i Toamasina faha-2. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny soanambo. Ny voankazo toy ny manga, ny letchi, ny ampalibe, ny akondro. Mpamboly sy mpiompy akoho amam-borona ny ankamaroan'ny mponina.

